


**Nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Fanasitranana ireo Marary

*Manana ity herin'ny fisoronana ity isika ary tokony ho vonona isika rehetra hampiasa izany araky ny tokony ho izy.*

Amin'izao fotoan'ny korontana maneran-tany izao dia mihamaro hatrany ireo olon'ny finoana no mitodika amin'ny Tompo handray fitahiana mitondra fampiononana sy fanasitranana. Maniry ny hiresaka aminareo mpihazona ny fisoronana manatrika eto aho mikasika ny fanasitranana ireo marary—amin'ny alalan'ny fitsaboana ara-tsiansa, amin'ny alalan'ny fivavaky ny finoana, ary amin'ny alalan'ny tsodranon'ny fisoronana.

**I.**

Ny olomasin'ny Andro Farany dia mino ny fampiasana ny fahalalana sy teknika ara-tsiansa tsara indrindra izay misy. Mampiasa fomba fisakafoanana ara-pahasalamana, fampiasam-batana, ary ireo fomba hafa isika mba hitandrovana ny fahasalamana ary manaiky ny fanampian'ireo mpitsabo, toy ireo dokotera sy mpandidy mba hamerenana ny fahasalamana.

Tsy mifanohitra amin'ny fivavaky ny finoantsika sy ny fiankinantsika amin'ny tsodranon'ny fisoronana akory ny fampiasana ny fomba fitsaboana ara-tsiansa. Rehefa misy olona nangataka tsodranon'ny fisoronana dia manontany i Brigham Young hoe: "Efa nampiasa ireo fomba fitsaboana maro ve ianao?" Ho an'ireo izay niteny hoe tsia satria "maniry ny fametrahan-tànan'ireo Loholona izahay, ary manam-pinoana izahay fa ho sitrana izy," dia valian'ny Filoha Young hoe: "Tsy dia mifaranaka loatra izany araky ny finoako. Raha marary isika sy mangataka amin'ny Tompo mba hanasitrana antsika ary hanao eo amin'ny toerantsika ireo zavatra rehetra izay tokony hatao, araky ny fahatakarako ny Filazantsaran'ny famonjena, dia toy ny hoe afaka mangataka ny Tompo koa aho izany mba hampamokatra ny varimbazahako sy ny katsako, ary tsy mila miasa tany sy mamafy voa aho. Amiko dia mifameno ny mampihatra ny fomba fitsaboana rehetra araka izay takatry ny fahalalako, ary [avy eo] dia mangataka ny Raiko any an-danitra . . . hanamasina izany fitsaboana izany mba hanasitrana ny vatako."[1]

Marina fa tsy hiandry ireo fomba rehetra ho tapitra ampiasaina isika vao hanolotra vavaky ny finoana na hanome tsodranon'ny fisoronana ho fanasitranana. Rehefa tena ao anatin'ny famonjen'aina maika, dia ny vavaka sy ny tsodrano no mandeha aloha. Amin'ny ankamaroan'ny fotoana dia atao miaraka ireo asa rehetra ireo. Izany dia manaraka ny fampianarana ao amin'ny soratra masina hoe isika dia tokony "[h]ivava[ka] mandrakariva" (F&F 90:24) ary ny zava-drehetra dia tokony ho atao amin'ny fahendrena sy filaminana.[2]

**II.**

Fantatsika fa ny fivavaky ny finoana, atao samirery na iraisana ao an-tokantrano na any amin'ny toerana fivavahana dia afaka mahomby eo amin'ny fanasitrana ny marary. Maro ireo an-dalan-tsoratra masina izay mampiseho ny herin'ny finoana teo amin'ny fanasitranana olona iray. Ny



Apôstôly Jakoba dia nampianatra fa tokony "mifampivavaka [isika], mba ho sitrana," ary nampiany hoe: "Ny fiasan' ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra" (Jakoba 5:16). Rehefa sitrana noho ny fikasihany an'i Jesoa ilay vehivavy dia hoy Izy taminy: "Ny finoanao no efa nahasitrana anao" (Matio 9:22).[3] Tahaka izany ihany koa, ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra fa ny Tompo dia "miasa amin-kery, araka ny finoan'ny zanak'olombelona" (Môrônia 10:7).

Nisy fanadihadihana nasionaly izay nahitana fa Amerikana 8 amin'ny 10 no "mino fa misy fahagagana amin'izao fotoana izao tahaka ny nitranga tamin'ny andro fahiny." Ny ampahatelon'ireo nalaina hevitra no nilaza fa "niaina na nanatri-maso fanasitranana masina"[4] izy ireo. Maro ireo Olomasin'ny Andro Farany no nanana traikefa avy tamin'ny herin'ny finoana teo amin'ny fanasitranana ireo marary. Maheno tranga maro tahaka izany koa isika eo anivon'ireo olon'ny finoana any amin'ny fiangonana hafa. Nisy lehilahy mpanao lahatsoratra an-gazety iray avy any Texas izay nilazalaza mikasika ny fahagagana iray tahaka izany. Rehefa tratran'ny fahasemporana ny ankizy vavy iray ary lasa nanavy be, dia nentin'ny ray amandreniny faingana tany amin'ny hôpitaly. Tamin'ny fotoana nahatongavany tany amin'ny hôpitaly dia efa tsy niasa intsony ny voany sy ny havokavony ary nahatratra 41°7 ny hafanany ary nivaramena ny vatany sy feno faritra mangamangana. Nilaza ny dokotera fa miala aina tsikelikely izy noho ny "syndrome de choc toxique" izay tsy fantatra ny antony. Rehefa niparitaka tamin'ny fianakaviana sy ireo namana ny vaovao, dia nanomboka nivavaka ho azy ireo olona matahotra an'Andriamanitra ary nisy fotoam-bavaka manokana natao tao amin'ny fiangonana Prôtestanta nisy azy ireo tao Waco, Texas. Fahagagana anefa fa tafavoaka tampoka teo am-bavahoan'ny fahafatesana izy ary herinandro mahery kely taorian'izany dia nivoaka ny hôpitaly. Nanoratra ny raibeny hoe: "Porofo velona mampiseho izy fa mamaly vavaka sy manao fahagagana Andriamanitra."[5]

Mampianatra tokoa ny Bokin'i Môrmôna fa Andriamanitra dia "maneho ny tenany amin' izay rehetra mino Azy, noho ny herin' ny Fanahy Masina; eny, amin' ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina tsirairay, amin' ny fanaovany fahagagana lehibe . . . eo anivon' ny zanak' olombelona araka ny finoany avy" (2 Nefia 26:13).

**III.**

Ho anareo izay manatrika eto—ianareo olon-dehibe izay mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka sy ireo zatovolahy izay handray izany hery izany tsy ho ela—dia haompako manokana amin'ny tsodrano fanasitranana ny teniko, izay mifandray amin'ny herin'ny fisoronana. Manana ity herin'ny fisoronana ity isika ary tokony ho vonona isika rehetra hampiasa izany araky ny tokony ho izy. Ny fitomboan'ny loza voajanahary sy ny fahasahiranana aratoekarena mihatra amin'izao andro izao dia maneho fa mbola hila bebe kokoa izany hery izany isika amin'ny ho avy mihoatra ny tamin'ny andro lasa.

Soratra masina maro no mampianatra fa ny mpanompon'ny Tompo dia "hametra-tànana amin'ny marary, dia ho sitrana ireny" (Marka 16:18).[6] Misy fahagagana mitranga rehefa ampiasaina hitsofan-drano ny marary ny fahefan'ny fisoronana. Nanatri-maso izany fahagagana izany aho. Fony aho zatovolahikely sy tamin'izaho efa lehilahy lehibe dia maro ny fahasitranana hitako izay nifono fahagagana tsy misy hafa amin'izay voarakitra ao amin'ny soratra masina ary maro aminareo koa no niaina izany.

Misy dingana dimy eo amin'ny fampiasana ny fahefan'ny fisoronana hitsofan-drano ny marary: (1) ny fanosorana, (2) ny famehezana ny fanosorana, (3) ny finoana, (4) ireo teny ao amin'ny tsodrano, ary (5) ny sitrapon' ny Tompo.



**Ny Fanosorana**

Ny Testamenta Taloha dia matetika milaza fa izany fanosorana diloilo izany dia ampahany amin'ny tsodrano ataon'izay manana ny fahefan'ny fisoronana.[7] Ny fanosorana dia nolazaina fa ho fanamasinana[8] ary angamba azo jerena amin'ny lafiny hoe tandindon'ny fitahiana izay mirotsaka avy any an-danitra ho vokatr'izany fombafomba masina atao izany.

Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia voalaza fa ny Apôstôlin'i Jesoa dia "[nanosotra] diloilo ny marary maro ka nositraniny [ireny]" (Marka 6:13). Ny bokin'i Jakoba dia mampianatra ny fifandraisan'ny anjara andraikitry ny fanosorana amin'ireo ampahany hafa amin'ny tsodrano fanasitranana amin' ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana:

"Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon'ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy:

"Ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy" (Jakoba 5:14–15).

**Ny Famehezana ny Fanosorana**

Rehefa avy nohosorana diloilo tamin'ny alalan'ny fahefan'ny Fisoronana Melkizedeka ny olona iray dia fehezina amin'ny alalan'izany fahefana izany koa ilay fanosorana. Ny dikan'ny hoe mamehy zavatra iray dia mamatotra izany ho amin'ny tanjona anaovana azy. Rehefa manosotra diloilo sy mamehy izany ho an'ny olona marary iray ireo loholona dia manokatra ny varavaran'ny lanitra mba handrotsahan'ny Tompo ny fitahiana izay sitrany ho an'ilay olona marary.

Nampianatra ny Filoha Brigham Young hoe: "Rehefa mametra-tanana amin'ny marary aho dia manantena ny herin'ny fanasitranana sy ny herin'Andriamanitra mba handalo amin'ny tenako ka ho any amin'ilay marary, ary hiafana ny aretina. . . . Rehefa vonona isika, rehefa madio manoloana ny Tompo ny tenantsika, dia handalo amin'ny vatantsika manao ny asa ny fikorianan'ny herin'ny Tsitoha ka ho any amin'ny vatan'ilay marary, ary ho sitrana izy."[9]

Na dia mahafantatra tranga maro aza isika izay nahazoan'ireo olona nomena tsodrano fahasitranana tamin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana, dia tsy ampahafantarina amin'ny fivoriana ampahibemaso ireny fanasitranana ireny satria ny fanambarana maoderina dia nampitandrina antsika fa tsy tokony "hireharehan' ny tena[ntsika] ireo zavatra ireo sady tsy [tenenintsika] ny momba ireo eo anoloan' izao tontolo izao; fa omena ho anareo ireo zavatra ireo ho tombontsoanareo sy ho famonjena" (F&F 84:73).

**Ny Finoana**

Zava-dehibe eo amin'ny fanasitranana amin'ny alalan'ny herin'ny lanitra ny finoana. Ny Bokin'i Môrmôna dia nampianatra fa "raha tsy misy finoana eo anivon' ny zanak' olombelona dia tsy afaka manao fahagagana eo anivony Andriamanitra" (Etera 12:12)[10]. Nandritra ny lahateny mahatalanjona iray mikasika ny fametrahan-tanana ho an'ny marary, dia nilaza izao ny Filoha Spencer W. Kimball: "Matetika no atao ambanin-javatra ny fianteherana amin' ny finoana. Matetika ireo marary sy ny fianakaviany dia miantehitra tanteraka amin'ny herin'ny fisoronana sy ny fanomezam-pahasoavana hanasitrana ka manantena izy ireo fa ny andraikitra lehibe dia mitoetra eo amin'ireo rahalahy mametra-tanana na dia tokony ho amin'ilay notsofina rano aza izany. . . . Ny ampahany lehibe indrindra dia ny finoan'ilay olona raha toa ka mbola mahatsiaro tena sy tompon'andraikitra io olona io. 'Ny finoanao no efa nahasitrana anao' [Matio 9:22] no naverimberin'ny Tompo ka toa lasa fiverenankira izany."[11]

Ny Filoha Kimball aza dia nanoro hevitra mihitsy fa "ny famerimberenana izany fombafomba masina izany dia toa maneho tsy fahampian'ny finoana na ny famindran'ilay olona marary ny andraikitra hampitombo ny finoany ho amin'ireo loholona fa tsy amin'ny tenany." Nitantara mikasika ny rahavavy mahatoky iray izay nandray tsodranon'ny fisoronana izy. Rehefa nanontaniana io vehivavy io ny ampitson'izany raha toa ka mbola hametrahan-tanana indray dia namaly izy hoe: "Tsia, Efa nohosorana diloilo sy nametrahantanana aho. Efa vita ny ordônansy. Andraikitro ankehitriny ny mangataka ireo fitahiana amin'ny alalan'ny finoako."[12]

**Ny Teny amin'ny Tsodrano**

Lafin-javatra iray ao amin'ny tsodranon'ny fisoronana ny teny amin'ny tsodrano izay lazain'ilay loholona aorian'ny famehezany ny fanosorana diloilo. Ireo teny ireo dia mety ho tena manan-danja kanefa tsy ny votoatiny no tena zava-dehibe ary tsy raketina ao amin'ny firaketan'ny Fiangonana izany. Amin'ireo tsodranon'ny fisoronana sasantsasany—toy ny tsodranon' ny patriarika—dia andry iankinan'ny fitahiana ireo teny voalaza ao. Fa amin'ny tsodrano fanasitranana dia ireo ampahany hafa ao amin'ny tsodrano—izany hoe ny fanosorana diloilo, ny famehezana, ny finoana ary ny sitrapon'ny Tompo—no singa tena manandanja.

Ny tsara indrindra dia ny hoe tena mifandray tanteraka amin'ny Fanahin'ny Tompo tokoa ilay loholona manao ny fametrahan-tanana ka mahafantatra sy milaza ny sitrapon'ny Tompo amin'ireo teny mandritra ny tsodrano. Nampianatra ireo mpihazona ny fisoronana i Brigham Young hoe: "Tombontsoanareo manokana ary adidinareo ny miaina amin'ny fomba izay ahafahanareo mahafantatra rehefa tonga aminareo ny tenin'ny Tompo sy rehefa hambara aminareo izay ao an-tsain'ny Tompo."[13] Rehefa izany no mitranga dia ho tanteraka ara-bakiteny sy amin'ny fahagagana ireo fitahiana voalaza. Tamin'ny fotoana niavaka sasany dia nahatsapa izany fitaomana azo antoka izany aho nandritry ny tsodrano fanasitranana ary nahafantatra fa izay nambarako dia tena ny sitrapon'ny Tompo. Kanefa, toy ny mahazo ny ankamaroan'ireo izay mametra-tanana hanome tsodrano fanasitranana, dia matetika aho no mihakanakana noho ny tsy fahatokiantena amin'ireo teny tokony ho lazaiko. Noho ny antony maro samy hafa, dia samy mahatsapa fisondrotana sy filatsahana ny loholona tsirairay avy eo amin'ny fahafahany mandray ny bitsiky ny Fanahy. Ny loholona rehetra izay manome tsodrano dia voatery hirona any amin'ny zavatra izay iriany hitranga amin'ilay olona marary. Ireo zavatra rehetra ireo miaraka amin'ny tsy fahatanterahana hafa amin'ny maha-olombelona dia afaka hisy fiantraikany amin'ireo teny ambarantsika.

Soa ihany fa tsy ny teny izay ambara mandritry ny tsodrano fanasitranana no tena manan-danja eo amin'ny fahasitranana entin'izany. Raha ampy ny finoana ary raha sitraky ny Tompo izany dia ho sitrana ilay olona marary na ho voatahy na manambara ireo teny ireo na tsia ilay mpametra-tanana. Etsy ankilany koa, raha toa ilay





mpametra-tanana ka manaraka ny fanirian'ny tenany manokana na noho ny tsy fahazarana dia manome didy na teny ao amin'ny tsodrano mihoatra noho ny zavatra safidian'ny Tompo ho arotsaka araky ny finoan'ilay olona dia tsy ho tanteraka izany teny izany. Noho izany ry rahalahy, dia tsy tokony hisy loholona hisalasala handray anjara amin'ny tsodrano fanasitranana noho ny fahatahorana hoe tsy hahafantatra izay zavatra tokony ho teneniny. Ireo teny ambara mandritry ny tsodrano fanasitranana dia afaka manorina sy mampatanjaka ny finoan'ireo izay mandre izany, kanefa ny vokatry ny tsodrano dia miankina amin'ny finoana sy ny sitrapon'ny Tompo, fa tsy amin'ireo teny ambaran'ilay loholona izay mametra-tanana.

#### Ny Sitrapon'ny Tompo

Ry zatovolahy sy ianareo lehilahy efa lehibe, raketo ao an-tsainareo izao zavatra ho lazaiko manaraka izao. Rehefa mampiasa ny hery tsy hiadian-kevitra izay an'ny fisoronan'Andriamanitra isika sy rehefa manaiky ny Fampanantenany fa hihaino sy hamaly ny fivavaky ny finoana Izy, dia tsy maintsy tsaroantsika lalandava fa ny finoana sy ny hery fanasitranana ananan'ny fisoronana dia tsy afaka hanome vokatra izay mifanohitra amin'ny sitrapon' Ilay tompon'ny fisoronana. Izany fitsipika izany dia ampianarina ao amin'ny fanambarana izay milaza fa ny loholon'ny Fiangonana dia hametra-tanana amin'ny marary. Ny fampanantenan'ny Tompo dia hoe "izay manam-pinoana Ahy mba ho sitrana, *ary tsy voatendry ny ho faty*, dia ho sitrana" (F&F 42:48; nampiana fanamafisana). Mitovy amin'izany koa ny fanambarana maoderina iray hafa nambaran'ny Tompo fa rehefa "mangataka araka ny sitrapon' Andriamanitra [ny olona iray] . . . dia to araka izay angatahiny" (F&F 46:30).[14]

Mianatra isika avy amin'izany rehetra izany fa na dia ny mpanompon'ny Tompo aza, izay mampiasa ny Heriny masina amin'ny toe-javatra iray izay ahitana finoana ampy hahasitrana, dia tsy afaka manome tsodrano fanasitranana izay hahatonga ny olona iray ho sitrana raha toa ka tsy sitrapon'ny Tompo izany fahasitranana izany.

Amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika, izay mahafantatra ny Fitiavany lehibe sy ny Fahalalany faratampony amin'ny tsara indrindra ho antsika eo amin'ny mahasoa antsika mandrakizay dia matoky Azy isika. Ny fitsipika voalohan'ny filazantsara dia ny finoana ny Tompo Jesoa Kristy, ary ny finoana dia midika hoe fahatokiana. Nahatsapa izany fahatokiana izany aho nandritry ny lahateny nataon'ny rahalahiko tamin' ny fandevenana zatovovavy iray izay matin'ny areti-mandoza iray. Nanambara teny izay nahagaga ahy tamin'ny voalohany nefa avy eo nanome hery ahy, nanao toy izao izy: "Fantatro fa sitrapon'ny Tompo ny hahafatesany. Nahazo fitsaboana tsara izy. Nomena tsodranon'ny fisoronana izy. Nosoratana ho isan'ny entina amim-bavaka tany amin'ny tempoly ny anarany. Nanaovana vavaka an-jatony ny mba hahazoany fahasalamana izy. Ary fantatro fa nanana finoana ampy ity fianakaviana ity fa tokony ho sitrana izy raha tsy hoe sitrapon'ny Tompo ny haka azy hody any an-trano amin'izao fotoana izao." Nahatsapa fahatokiana mitovy amin'izany aho tamin'ny teny nataon-draiko ho an'ny zatovovavy nofinidy iray hafa izay nandao ity fiainana ity teo amin'ny fahatanorany noho ny homamiadana. Hoy izy: "Ny finoan'ny fianakavianay dia amin'i Jesoa Kristy fa tsy miankina amin'ny vokatra hitranga." Marina izany fampianarana izany amiko. Manao izay rehetra vitantsika isika ho an'ny fahasitranan'ireo olon-tiantsika ary avy eo dia mametra-pahatokiana amin'ny Tompo isika amin'izay hitranga.

Mijoro ho vavolombelona aho, ny amin'ny herin'ny Fisoronan'Andriamanitra, sy ny amin'ny herin'ny vavaky ny finoana, ary ny fahamarinan'ireo fitsipika ireo. Fa indrindra indrindra, mijoro ho vavolombelona aho ny amin'i Jesoa Kristy Tompo, izay isika no mpanompony, ary ny Fitsanganany amin'ny maty no manome antoka antsika ny amin'ny tsy fahafatesana, ary ny Sorompanavotany no manome fahafahana antsika hahazo fiainana mandrakizay, izay lehibe indrindra amin'ireo fanomezan'Andriamanitra. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■


**FANAMARIHANA**

1. *Discourses of Brigham Young,* sel. John A. Widtsoe (1954), 163.
2. Jereo Môsià 4:27.
3. Jereo koa Marka 10:46–52; Lioka 18:35–43.
4. *U.S. Religious Landscape Survey: Religious Beliefs and Practices: Diverse and Politically Relevant* (The Pew Forum on Religion and Public Life, June 2008), 34, 54, http://religions.pewforum.org/reports#.
5. Jereo Steve Blow, "Sometimes, 'Miracles' Are Just That," *Dallas Morning News,* Jan. 30, 2000, 31A.
6. Jereo koa Matio 9:18; Marka 5:23; 6:5; 7:32–35; 16:18; Lioka 4:40; Asan'ny Apôstôly 9:12, 17; 28:8; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:44, 48; 66:9.
7. Jereo, ho ohatra, Eksodosy 28:41; 1 Samoela 10:1; 16:13; 2 Samoela 5:3.
8. Jereo Levitikosy 8:10–12.
9. *Teachings of Presidents of the Church: Brigham Young* (1997), 252; jereo koa Russell M. Nelson, "Neither Trust in the Arm of Flesh," *Liahona,* Mar. 2010, 40; *Teachings of Gordon B. Hinckley* (1997), 474.
10. Jereo koa 1 Nefia 7:12; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:9.
11. "President Kimball Speaks Out on Administration to the Sick," *Tambuli,* Aôg. 1982, 36–37.
12. *Tambuli,* Aôg. 1982, 36.
13. *Teachings: Brigham Young,* 68.
14. Jereo koa 1 Jaona 5:14; Helamàna 10:5.